10/01/2026

## Toriteny maneran-tany: Sabatan'ny fahasalamana

## Ny fahafantarana ny tena: FAHATSIAROVAN-TENA

**Ny fahalalana na fahatsiarovan-tena**, ao anatin'ny tontolo ara-Baiboly, dia midika ho fahafantarana ny maha-izy ny tena, ny eritreritra, ny antony manosika azy ary ny toetry ny fanahiny eo anatrehan'Andriamanitra sy eo anatrehan'ny hafa. Asehon'ny Soratra Masina fa zavaboary miavaka ny olombelona, nomena fahafahana hisaintsaina ny tenany sy hamaly ny fenitra napetrak'Andriamanitra.

Ity fanomezana ity dia mampiavaka tanteraka ny olombelona amin'ny zavaboary hafa rehetra, ka manasongadina ny toerany manokana ao amin'ny fandaminana ara-panahy. Noforonin'Andriamanitra ny olombelona satria misy  tanjona  tiany ho an'ity tontolo ity sy ho an'ny tontolo ho avy dia ny fiainana mandrakizay.

Hatramin'ireo toko voalohany indrindra dia asehon'ny Baiboly fa ny olombelona dia efa nanao fandinihan-tena. Rehefa nanota i Adama sy Eva, dia nahatsapa ny fahamenarany izy ireo. (Genesisy 3:7)

Ny fahatsiarovan-tenany tampoka sy ny faniriany hiafina tamin'Andriamanitra dia nanasongadina ny maha-zava-dehibe ny fahafantarana ny tenany eo amin'ny fifandraisana amin'ny Mpahary. Noho izany, na dia efa nisy hatramin'ny taranaka voalohany aza ny fahalalana ny tena, dia nifamatotra hatrany tamin'ny fifandraisan'ny olombelona amin'Andriamanitra izany.

**Noforonina araka ny endrik'Andriamanitra**
« Ary hoy Andriamanitra: *Andeha isika hanao ny olona tahaka ny endrintsika sy ny tarehintsika…* » (Genesisy 1:26-27).

Ity andininy ity dia manasongadina ny mampiavaka ny olombelona satria noforonina araka ny endrik'Andriamanitra. Manahaka an'Andriamanitra amin'ny fananana saina misaina, fahaizana manavaka ny tsara sy ny ratsy ary fahafahana mandinika ny tena. Ireo no fototry ny fahalalana sy fahatsiarovan-tena  araka ny Baiboly.

Ny hoe-mitondra ny endrik'Andriamanitra dia midika fa na ny mpino na ny tsy mpino dia afaka mahatsapa ny fahamarinana ara-panahy na dia amin'ny ambaratonga samihafa aza.

Ny zavatra hita tamin'ny arkeolojia toy ny lalàna taloha sy ny zavatra ara-pivavahana avy any amin'ny faritra Atsinanana dia mampiseho fa ny fiarahamonina dia niaina tamin'ny fahatsiarovan-tena ara-moraly sy ny maha-izy azy ny tena.

Na izany aza, ny tantara ao amin'ny Baiboly no manome ny antony mazava indrindra amin'ity fahatsiarovan-tena ara-moraly manerantany ity: ny olombelona noforonina araka ny endrik'Andriamanitra**.**

**Didy ara-baiboly momba ny fanadinana ny tena:**
Manentana hatrany ny tsirairay ny Soratra Masina mba handinika ny fo, ny tena ary ireo fikasana tiany hotratrarina.

- « Diniho ny tenanareo, na mitoetra amin'ny finoana ianareo, na tsia; izahao toetra ny tenanreo…» (2 Korintianina 13:5)
- «Fa aoka ny olona hamantatra ny tenany,… » (1 Korintianina 11:28)

Ireo andininy ireo dia mampiseho ny maha-zava-dehibe ny fanadinana ny tena amin'ny fitomboana ara-panahy, fa tsy ny hifantoka amin'ny tena fotsiny noho ny tombontsoa manokana. Ny soratra masina dia miantso ny tsirairay handinika ny fiainany araka ny fenitr' Andriamanitra izay mitarika amin'ny fahamatorana ara-panahy sy ny fibebahana marina.

**Ny fifandanjana eo amin'ny fanetre-tena sy ny fahalalana ny tena**

Zava-dehibe ny fahalalàna ny tena, saingy mampitandrina ny Baiboly mba tsy ho rehareha na hifantoka amin'ny tena fotsiny isika. Hoy ny Romana 12:3 :
« Fa noho ny fahasoavana nomena ahy dia izao no lazaiko amin'ny olona rehetra izay eo aminareo: Aza miavonavon-kevitra ka mihevitra noho izay tokony hoheverina; fa mihevera izay onony araka ny ohatry ny finoana izay nozarain'Andriamanitra ho anareo avy».

Midika izany fa tsy maintsy mahita ny tenantsika araka ny marina isika : manana lanja lehibe eo anatrehan'Andriamanitra isika satria mitondra ny endriny sady mahatsapa hatrany ny filantsika ny fahasoavany.

Tsy fanetre-tena ny mandà ny fahaiza-manaontsika, fa ny tena fanetre-tena dia ny fahatsapana fa avy amin'Andriamanitra ny zava-drehetra ananantsika. Amin'izany fomba fijery izany, ny fahalalana ny tena dia lasa fomba iray hanabeazana ny fanetre-tena.

**Ohatra ny fahalalana ny tena ao amin'ny Baiboly:**

1. **Ny Salamo nataon'i Davida**: Nanao fandinihan-tena matetika i Davida. Jereo ny antso nataony ao amin'ny Salamo 139:23-24 :
   « Diniho aho, Andriamanitra ô, ary fantaro ny foko ; izahao toetra aho, ary fantaro ny eritreritro; Ary izahao na misy lalana mampahory ato anatiko, Dia tariho amin'ny lalana mandrakizay aho».
   Ny antso nataon'i Davida amin'ny fitsapana avy amin'Andriamanitra dia mampiseho fa ny fahalalana marina ny tena dia miseho indrindra rehefa eo ambanin'ny fahazavan'Andriamanitra.
2. **Ny zanaka'adala**: Ao amin'ny Lioka 15, hita ny fotoana lalina nahatsapany ny tenany. Rehefa "tonga saina" izy, dia nanaiky ny hadisoany ary niverina tamin'ny rainy (Lioka 15:17-19). Ity fotoana ity dia mampiseho fa ny fahalalana ny tena dia mety hitarika amin'ny fibebahana sy hitondra amin'ny fanarenana ny fifandraisana.
3. **Ny fahitan'i Isaia**: Ao amin'ny Isaia 6:5, hoy ny mpaminany : « Lozako! Maty aho! ». Izany dia mampiseho fa matetika ny fahalalana ny tena dia mifamatotra amin'ny fahatsiarovan-tena lalina momba ny fahotana sy ny fahalemen-tsika eo anatrehan'ny fahamendrehan'Andriamanitra ary ao anatin'io fahatsiarovan-tena io no ahitantsika ny fahasoavana marina.

4. **Ny andraikitry ny Fanahy Masina**
   Ny Fanahin'Andriamanitra dia mijanona ho ivon'ny fahalalana ny tena araka ny Baiboly. Ao amin'ny Jaona 16:8, hoy i Jesosy : « Ary raha tonga Izy, dia hampihaiky izao tontolo izao ny fahotana sy ny fahamarinana ary ny fitsarana. » Amin'ny alalan'io fahatsapana io, dia asehon'ny Fanahy ny toetry ny fon'ny tena marina. Rehefa mamaly io fitarihana io isika, dia mitombo ny fahalalana ny tena araka ny sitrapon'Andriamanitra.
   Ny Soratra Masina dia azo antoka ary manambara mazava ny asa fanovàna ataon'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainan'ny mpino. Ireo tahirin-tsoratra tranainy toy ny an'I *Chester Beatty Papyri* sy ny *Codex Sinaiticus* dia manamafy izany, mampiseho fa ny Fanahy Masina no manampy antsika ho madio sy ho matotra ara-panahy**.**

Mampianatra momba ny toetran'ny olombelona sy ny fahalalana ny tena ny Baiboly, ary voamarina izany amin'ny ireo fikarohana izay natao.

- Les manuscrits de la mer Morte (ranomasina maty) dia mitahiry ny soratra maro ao amin'ny Testamenta Taloha ary mampiseho fa mitovy sy marin-toerana ny andininy momba ny fandinihan-tena sy ny firaisana amin'Andriamanitra.
- Ny soratra kristiana taloha (taratasy nosoratan'i Klément, Ignasy, Polykarpy) dia manamafy ny maha-zava-dehibe ny fandinihan-tena sy ny fanadihadiana ny tena.

Ireo porofo ireo dia manamafy fa azo itokisana ny fampianaran'ny Baiboly momba ny fahalalana ny tena, ary efa voarakitra tsara nandritra ny taonjato maro.

**Dingana atao amin'ny fahalalana ny tena.**

1. **Mandinika ny tena isan'andro** : Dinihana tsy tapaka ny fihetsika, ny antony manosika ary ny eritreritra. Ny fanoratana diary na ny fandinihan-tena amin'ny vavaka dia fitaovana azo ampiharina.
2. **Fibebahana sy fitomboana** : Tsy fianarana fotsiny ny fahalalana ny tena. Tokony hitarika amin'ny fiovana izany, miala amin'ny fahotana ary mitombo amin'ny fahamarinana.
3. **Fandraisana andraikitra eo anivon'ny fiangonana sy ny fiaraha-monina**: Ampianarin'ny Baiboly fa matetika ny fahalalana ny tena dia hihamafy rehefa mahay mandray andraikitra isika (Hebreo 10:24-25), izay afaka manampy amin'ny fahatakarana lalina ny toe-panahy ihany koa.

**Tanjona faratampony : hanome voninahitra an'Andriamanitra.**

Ny fahafantarana ny tena dia tsy tanjona irery. Manana tanjona ambony kokoa izy io: ny hanamafisana ny fo sy ny fiainantsika araka ny sitrapon'Andriamanitra, mba hanatanteraka ny andraikitsika amin'ny voninahitra ho an'ny Mpamorona antsika. Izy io dia manampy antsika hanitsy ny fo sy ny fiainantsika amin'ny sitrapon'Andriamanitra, mba hahafahantsika manatanteraka ny andraikitra nomena antsika hanome voninahitra ny Mpamorona antsika (1 Korintianina 10:31). Ny fahafantarana ny toerantsika dia manampy antsika hanompo amin'ny fitiavana sy fahalemem-panahy, ka ny fandinihan-tena dia hitarika antsika hanakaiky an'Andriamanitra fa tsy ho amin'ny fiheverana tena fotsiny ihany.

Ny fahalalana ny tena dia mampiseho ny filàna famonjena, na mety hahatsapa izany amin'ny fomba voajanahary ny olona. Ny Baiboly dia manondro fa ny sorona sy ny fitsanganan'i Kristy ho velona no valiny faratampony (1 Petera 2:24-25). Ny fahalalana ny tena tsara dia mametraka antsika handray ny fahasoavana hanova ny fiainana ho amin'ny finoana.

**Famaranana**

Ny fampianarana baiboly momba ny fahalalana ny tena dia hita hatrany amin'ny testameta taloha ka hatrany amin'ny testameta vaovao. Maneho fa tokony ho olona mendrika sy feno fanetre-tena isika. Mendrika satria olombelona noforonina araka ny endrik'Andriamanitra ary manana fanetre-tena satria noho ny fahalemen-tsika dia mila ny fahasoavana avy aminy isika mba hitombotsika ara-panahy. Ny fahalalana ny tena, tarihin'ny Fanahy Masina, dia manetsika antsika handinika amin'ny fahamarinana ny toe-panahy ary hitarika amin'ny fibebahana, ka mitarika amin'ny fitomboana amin'ny fahamasinana.

Rehefa mampifanaraka ny fahatakarantsika ny fahalalana momba ny tenantsika na fahatsirovan-tena amin'ny Soratra Masina isika, dia mamolavola fomba fijery ara-pahasalamana sy manome voninahitra an'Andriamanitra. Izy ilay namonjy sy niantso antsika mba hifandraisantsika Aminy mandrakizay.